


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Valisoako Lehibe Dia Lehibe

Fantatry ny Raiko izay ilaiko, na dia mbola tsy mangataka Aminy aza aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

"Fa ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra, koa ny sasany izay fatra-pitady izany dia efa voavily niala tamin'ny finoana ka nanindrona ny tenany tamin'ny alahelo be."(1 Timoty 6:10)

Ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra. Raha vao avelantsika ho ao anatin’ny fiainantsika ny fitiavam-bola, dia hivoaka avy ao ny faharatsiana sy ny fakam-panahy ary ny fanaintainana rehetra. Ny fanafodiny dia ny “fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany” (Matio 6:33). Ataovy tsara ny laharam-pahamehanao. Fantatr'Andriamanitra fa mila zavatra sasantsasany isika; fanontaniana lohan-daharana fotsiny izany.

Andao hojerentsika izao ny sasany amin’ireo fanomezan-toky hita ao amin’ny Baiboly momba ny fanatrehana sy ny fanomezan’ny Tompo.

"Dia tonga tamin'i Abrama ny tenin'i Jehovah tamin'ny fahitana ka nanao hoe: Aza matahotra, ry Abrama; Izaho no ampinganao sy valim-pitia lehibe indrindra ho anao.” (Genesisy 15:1)

“Tsy hisy olona hahajanona eo anoloanao amin'ny andro rehetra hiainanao; tahaka ny nombako an'i Mosesy no hombako anao koa; tsy handao anao na hahafoy anao Aho.” (Josoa 1:5)

“Jehovah no Mpiandry ahy; tsy hanan-java-mahory aho.” (Salamo 23:1)

“Jehovah no miandany amiko, ka tsy hatahotra aho. Inona no azon’ny olona atao

© 2008 - Dries Du Plessis

amiko?" (Salamo 118:6)

Ny Tompo no momba antsika. Tsy misy antony tokony hatahorana. Inona no azon'ny olona atao amintsika raha Andriamanitra no momba antsika? Hoy i Paoly, ao amin'ny Romana 8:31, "Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika?"

Misaotra Anao, Ray ô, fa Fantatrao tanteraka aho. Manambara aho fa ny Tompo no valisoa lehibe indrindra ho ahy; momba ahy sy ho ahy ny Tompo. Izy no Mpiandry ahy; tsy hanan-java-mahory aho. Fantatry ny Raiko izay ilaiko, na dia mbola tsy nangataka Taminy aza aho, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-252-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

